

27 jiona 2010.
15 Tamouz 5770.

Ilay Samaritàna

« *Ary nony ampitson'iny, dia naka denaria roa izy, ka nomeny ny tompon'ny tranom-bahiny, sady nanao taminy hoe: Tsaboy izy; ary na hoatrinona na hoatrinona na laninao mihoatra noho ireto dia honerako, rehefa miverina aho.* » (Lioka 10:35)

« *Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahaso koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana* » (2 Timoty 3: 16)

Tao amin'ny taratasy farany nosoratany taloha kelin'ny nahafatesany dia nambaran'i Paoly fa ny Soratra rehetra dia avy amin'ny tsindrimandry avokoa. Nolazainy fa ny andalana rehetra avy ao amin'ny Baiboly dia **hafatra ara-panahy** natao ho an'izay mamaky izany ka mino. Raha tsy misy ny fanampian'ny Fanahy dia sarotra ny hahafantatra marina ny tiany hambara.

Raha mamaky ny soratanan'i Ellen White isika ao amin'ilay boky hoe Jésus Christ dia hahita fa tantara tena nitranga ity tantara ity fa tsy fanoharana toy izay hiheverana azy araka ny mahazatra. «Toe-javatra tena nisy izy ity fa tsy noforonina akory » [Jésus-Christ p 496] . Mazava ho azy, raha mahita olona mitsirara eo amoron-dalana ianao dia tokony hamonjy azy fa raha tsy izany dia meloka araka ny lalàna frantsay.

Kanefa raha tsy voaelingelin'ny lohateny sy ny fanampim-panazavàna [izay notovanana taty aoriana] eo amin'ireo andalany ao amin'ny Baibolin-tsika ny saina dia manery antsika hitrandraka lalindalina kokoa mba ahalalàna izay tian'ny Fanahy holazaina izany. Tsy misy ahafahana milaza ao hoe tantara an'eritretina izy ity. Kanefa na izany aza dia « fanoharana » ihany satria misy andianteny mazava ao nataon'i Jesosy habitantsika ny tiany ambara ho an'ireo mpanoradalàna sy ho an'ny olona ankehitriny.

Iza no tsy namaky ny faminaniana?« Mifalia indrindra, ry Ziona zanakavavy; Manaova feo fifaliana, ry Jerosalema zanakavavy; Indro, ny Mpanjakanao avy ho anao; Marina Izy sady manam-pamonjena, malemy fanahy sady mitaingina boriky dia zana-boriky tanora »


Ireo fariseo sy mpanoradalàna tamin'izay fotoana izay dia naheno tsara ilay tenin'i Kristy rehefa avy nitsangana Izy nanao hoe: « Ary tamin'izany ora izany dia ravoravo tamin'ny Fanahy Masina Jesosy ka nanao hoe: Midera Anao Aho, Raiko ô, Tompon'ny lanitra sy ny tany, fa efa nafeninao tamin'ny hendry sy ny manan-tsaina izany ka nasehonao tamin'ny zaza madinika; eny, Raiko, fa izany no sitrakao.

Ny zavatra rehetra dia efa natolotry ny Raiko Ahy; ary tsy misy mahalala ny Zanaka afa-tsy ny Ray, ary ny Ray afa-tsy ny Zanaka sy izay tian'ny Zanaka hanehoana Azy. Ary nitodika tamin'ny mpianany Izy, dia nilaza taminy manokana hoe: Sambatra ny maso mahita izay hitanareo. Fa lazaiko aminareo fa mpaminany sy mpanjaka maro no naniry hahita izay hitanareo, fa tsy nahita, ary naniry nahare izay renareo, fa tsy nahare.»Milaza mazava Jesosy hoe iza Izy eto.

«Tao amin'io tantara io no nanehoany ny tenany manokana sy ny asa nanirahana azy. Satàna dia namitaka, namono, nanafoana ny olona ary namela azy hofaty irery fa ny Mpamonjy kosa dia niantra ny fahoriantantsika. Nialàny ny voninahiny mba hitondra fanavotana satria hitany teo ampialàna aina isika dia nanao drafitra Izy hamonjena antsika. Nanisy fehy ny ratran-tsika Izy avy eo notafiany fitafian'ny Fahamarinany. Namoha toerana fiarovana azo antoka ho antsika izy ka nanome ny ilaintsika rehetra. Maty hanavotra antsika izy. Ary tamin'ny nampisehoany ny ohatra nomeny no nahafahany nilaza tamin'ny mpianany :«Izany zavatra izany no andidiako anareo, mba hifankatiavanareo., Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo; eny, aoka ho tahaka ny fitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa. »(Jaona 15:17; 13:34) Jésus Christ p 499.

Tsy nampita hafatra ho an'ny olontokana ihany Jesosy tamin'ny alalan'ny Filazantsaran'i Lioka tamin'io fotoana io fa amintsika koa mba hanohy ny « Asa soa nataony» eran'izao tontolo izao alohan'ny fiverenany indray.

Noho izany ny fanontaniana hoe « iza moa no namako » dia efa voavaly tanteraka. Araka i Kristy ny hoe " namana" dia tsy ny hoe iray fiangonana ihany na ny mpiray finoana. Tsy tokony hisy fanavakavahana ara-poko na ara-bolokoditra na ara-tsaranga. Namantsika daholo ny olona rehetra izay mila ny fanampiantsika. Ny namantsika dia ireo izay nampijalijalian'ny fahavalo. N'iza n'iza fanananan'Andriamanitra dia namantsika.



**Vous sondez les Ecritures,
parce que vous pensez avoir en elles
la vie éternelle: ce sont elles qui rendent
témoignage de moi. Jean 5:39**